

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2008 - 003

**autorisant l'adhésion de Madagascar
au Pacte de Défense Mutuelle de la SADC**

EXPOSE DES MOTIES

Le Pacte de Défense Mutuelle de la SADC, signé par les Etats membres le 26 août 2003, a pour objectif principal de rendre opérationnel les mécanismes de l'Organe de politique de défense et de sécurité créé par la SADC.

Il préconise notamment la prévention, la gestion et le règlement des conflits, conformément aux principes de la Charte des Nations Unies, en favorisant la non ingérence, les consultations et le règlement pacifique de tous conflits internationaux dans lesquels les Etats parties seraient impliqués.

De même, pour défendre et sauvegarder la liberté de la population et de leur civilisation ainsi que l'Etat de droit, le Pacte adopté par le moyen d'une coopération et d'une assistance continue, le développement des capacités individuelles et collectives d'autodéfense des Etats parties pour maintenir la paix, la stabilité et la sécurité.

La coopération, dans les affaires ayant trait à la défense, est concrétisée par la facilitation des interactions entre les forces armées et les industries touchant à la défense. Elle s'exercerait tant dans la formation du personnel militaire et l'échange de renseignements et d'informations que dans la recherche, la mise au point, la production ou la fourniture de matériels militaires.

Le Pacte de Défense Mutuelle se lie en relation avec le Protocole sur la coopération en matière de politique de défense et de sécurité et, à ce titre, peut contribuer, pour Madagascar, à la réalisation de « Madagascar Action Plan » en son engagement n° 1, défi n° 1 : « fournir un niveau de sécurité suffisant pour assurer la sûreté des personnes et des biens » en particulier, par sa participation à la sécurité contre les menaces extérieures.

L'adhésion à ce Pacte sera bénéfique non seulement à la réalisation des objectifs nationaux en matière de sécurité nationale et internationale, mais également au renforcement de la sécurité collective pour la prévention, la gestion et la résolution des conflits dans la Région.

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2008 - 003

**autorisant l'adhésion de Madagascar
au Pacte de Défense Mutuelle de la SADC**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 20 mai 2008, la Loi dont la teneur suit :

Article premier.- Est autorisée l'adhésion de Madagascar au Pacte de Défense Mutuelle de la SADC.

Article 2.- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 20 mai 2008

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE PRESIDENT DU SENAT,

Jacques SYLLA

RANDRIASANDRATRINIONY Yvan

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA- 2008 - 002
anomezan-dalana ny fankatoavana ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ny
Dinan'ny Fiarovana Mifamaly ao amin'ny SADC

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Dinan'ny Fiarovana ao amin'ny SADC, nosoniavin'ireo Firenena mambra tamin'ny 26 aogositra 2003, dia mikendry indrindra ny mba hampisy vokany ireo fomba fiasan'ny Rantsamangaika momba ny fierovana sy ny filaminana.

Izy io dia manoritsoritra manokana momba ny fisorohana, ny fitantanana ary ny fandravonana ireo fifanolanana mifanaraka amin'ny fitsipika ijoroan'ny Satan'ny Firenena Mikambana, amin'ny fanomezan-danja ny tsy fitsabahana amin'ny raharahan-tokantrano, ny filan-kevitra ary ny fandravonana amin'ny fomba tsy mampiasa hery ireo fifandonana iraisam-pirenena rehetra izay mahatafiditra ireo Firenena mpikambana.

Toy izany ihany koa, raha hiaro sy hitsimbina ny zom-pahafahan'ny mponina sy ny rafi-piaianany ary koa ny Fanjakana tan-dalàna ilay Dina dia manapaka amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa sy ny fanampiana tsy tapaka ny fampandrosoana ny fahaiza-manaon'ny tsirairay sy iombonana momba ny fierovan-tenan'ny Firenena mpikambana mba hitandroana ny fandriampahalemana, ny tsy fisian'ny korontana ary ny filaminana.

Ny fiaraha-miasa, ao amin'ny raharaha mikasika ny fierovana, dia tanterahina amin'ny alalan'ny fanamoràna ny fifamalian'asa ao amin'ny samy Foloalindahy sy ny industria misahana ny fierovana. Izy io dia atao na ao amin'ny fanofanana ny mpandrahahaha miaramila sy ny fifanakalozan-drahraham-pitsikilovana sy vaovao na ao amin'ny fikarohana, ny fanatsarana, ny famokarana na ny fampitaovana ny fitaovana ara-miaramila.

Ny Dinan'ny fierovana Mifamaly dia mifamatotra amin'ny Fifanarahana mikasika ny fiaraha-miasa amin'ny lafiny fierovana sy ny filaminana, ary, amin'izay, ahafahan'i Madagasikara mandray anjara, amin'ny fanatanterahana ny "Madagasikara Am-Perin'asa" ao amin'ny Teny ifanomezana 1, Fanamby 1 : "Mametraka fandriampahalemana sahaza izay miaro ny olona sy ny fananany" fa indrindra amin'ny firotsahany amin'ny fitandroana ny filaminana hano herana ireo fandrahonana avy any ivelany.

Ny fidirana ao amin'io Dina io dia mitondra tombontsoa, tsy eo amin'ny fanatanterahana io zava-kendren'ny Firenena io ihany amin'ny lafiny filaminam-pirenena sy iraisam-pirenena, fa koa amin'ny fanamafisana ny filaminana iombonana mba hisorohana, hitantanana ary hamahana ny olana mikasika ireo fifanolanana ato amin'ny Faritra.

Toy izany no antonanton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA- 2008 - 002

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny fidiran' i Madagasikara ao amin'ny
 Dinan'ny Fiarovana Mifamaly ao amin'ny SADC**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha- 20 mey 2008, izao Lalàna manaraka izao :

Andininy voalohany.- Omen-dalana ny fankatoavana ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ny Dinan'ny Fiarovana Mifamaly ao amin'ny SADC.

Andininy 2.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao. Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-20 mey 2008

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, NY ANTENIMIERANDOHOLONA,

Jacques SYLLA

RANDRIANASANDRATRINIONY Yvan